FENOARIVOBE 4

# TRATRA TAORIAN'NY FIFAMPITIFIRANA, TELO LAHY NITADY MPIVIDY TAOLAM-PATY

MARINA IZANY ! 7

## TERAKA IHANY !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7503 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 22 febroary 2023


HERY RAJAONARIMAMPIANINA

## NIHAONA TAMIN'NY FILOHAN' NY FFKM 7



KITRA "OPL 2022/2023" 2



## HIFAMPITADY NY FOSA JUNIORS SY NY COSFA

RIVODOZA 8

# MIDITRA I FREDDY ARY MANARAKA AZY AO KOA I ELENA




Fantina 4

## TSARA SADY MAHASALAMA NY MISOTRO RANO MAFANA

RAKOTO FRAH JUNIOR ETSY AMIN'NY IVOKOLO 3

## HISANTATRA NY FIAKA-RANA AN-TSEHATRA



MIHAZAKAZAKA NY TOE-DRAHARAHAM-PIRENENA 7

# MIHETSIKETSIKA AVOKOA NY ETAMAZAORO POLITIKA




Kitra - " OPL 2022/2023 "

# Hifampitady ny FOSA Juniors sy ny COSFA

*Ny ekipan'i Boeny no tokony handray ny lalao fa noho ny fanamboarana ny kianja Rabemananjara dia natao aty Antananarivo avokoa ny fihaonana.*

Lalao hitana ny sain'ny mpankafy baolina kitra eto Antananarivo amin'ny faran'ny herinandro ho avy izao, mandritra ny andro faha-7 amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny "OPL 2022 / 2023 ", ny fihaonana eo amin'ny ekipan'ny Fosa Juniors FC, avy any Boeny, sy ny COSFA Analamanga, izay hotanterahina eny amin'ny " *Complexe Sportif CNaPS* " Vontovorona amin'ny alahady 26 febroary 2023. Mitana ny laharana voalohany sy faharoa vonjimaika ao anatin'ny " Conférence Nord" ny ekipa roa tonta, ka heverina fa tena hifampitana tanteraka, satria samy hiaro ny rambony tsy ho tapaka. Tamin'ny lalao enina nataon'ny Fosa Junior dia mbola tsy nisy nandresy azy mihitsy ny ekipa nifanandrina taminy ka nahazoany isa 18. Ny COSFA kosa indray dia manana isa 11 tamin'ny lalao vitany tao anatin'ny andro faha-5. Ny ekipan'i Boeny no tokony handray ny lalao fa noho ny fanamboarana ny kianja Rabemananjara sy ny faharatsian'ny làlam-pirenena faha-6, dia natao aty Antananarivo avokoa ny fihaonana ataon'ny Fosa Junior FC sy ny AS Ambondrona avy any DIANA. Ao amin'ny " *Conférence Sud* " kosa indray, dia anisan'ny lalao mbola tena hiady tokoa ny fihaonana eo amin'ny CFFA sy ny Egeco Plus, eny amin'ny "Stadium By – Pass" amin'ny alahady 26 febroary 2023 ihany koa. Tamin'ny andro faha-6 dia any amin'ny laharana faha-4 (CFFA) sy faha-5 (Elgeco Plus) no misy ny ekipa roa tonta. Heverina fa tsy hifampitsitsy mihitsy izy ireo fa samy te handrombaka fandresena. Tahaka izao ny fandaharan-dalao sasany amin'ny andro faha-7: "Conférence Sud" / Sabotsy 25/02/23 – Stadium By Pass / 2 ora 30 : MAMA FC Ihorombe # DATO FC Farafangana ; Alahady 26/02/23 – Kianja Ampasambazaha / 2 ora 30 : Zanakala FC Matsiatra Ambony # JET Kintana Itasy – Kianja Maître Kira / 2 ora 30 : 3 Fb Toliara Atsimo Andrefana # Disciples FC Vakinankaratra ; " Conférence Nord " / Sabotsy 25/02/23 – Kianja Ambohidratrimo / 2 ora 30 : TFFC Boeny # AS Fanalamanga Alaotra Mangoro ; Alahady 26/02/23 – Kianja Alarobia / 2 ora 30 : USCAFoot Analmanga # Tia Kitra FC Atsinanana.

**aris rafaly**

Volley - CCCZone7

# Vonona tanteraka ny klioban'ny GNVB

Rahampitso no hanainga ny Zandarmaria Volley-Ball, hiatrika ny andiany faha-27 amin'ny fiadiana ny amboaran'ny tarika tompondaka aty amin'ny faritra faha-7, taranja Volley-ball. Nambaran' ny filohan'ny klioba, « chef d'escadron commandant Fortunat » tetsy Ankorondrano omaly, fa 12 mpilalao eo amin'ny lehilahy ary 9 kosa ny vehivavy, miampy ireo mpitarika, no handrafitra ny delegasionin'ny GNVB hihazo an'i Maorisy handray ny fifaninanana manomboka amin'ny 25 febroary izao. « Efa vonona tanteraka na ny ekipa lehilahy na ny vehivavy », hoy ity filoha ity, izay nanambara fa « afaka nampijoro ireo zandriny hanampy ny zokiny ihany koa tamin'ity, ka azo antoka fa handrafitra ny ekipam-pirenena ny akamaroan'izy ireo. Tombony koa ny nahafahana nanao fanazarantena tao anaty efitrano, nahafahana nahazo ny zavatra tiana hotratrarina. Nanao ny ezaka rehetra isika, ka raha ny fijery mahitsy dia hitondra amboara na ny lehilahy na ny ekipa vehivavy », hoy hatrany ny « chef d'escadron commandant Fortunat ». Nanamafy izany ny Tale Teknika Nasionaly, Razafinjatovo Jean Honoré, izay nilaza fa efa nanomboka tamin'ny oktobra ny fanomanana, niato kely tamin'ny fetin'ny krismasy sy taombaovao ary niverina indray tamin'ny 5 janoary hatramin' izao. Ny tenany moa no notendren'ny GNVB hanazatra ny klioba amin'ity, izay nitondrany fanazavana fa voninahi-pirenena no arovana. Ny lehibe no manendry ny tena hoe mitondra ny klioba amin'ity andiany faha-27 ity. Asa anatin'ny zandarmaria tsy azo lavina.

**Rabenaivo**

Lalaon'ny Nosy 2023

# "Hokarakaraina tsy misy tomika", hoy ny minisitra Andre Haja Resampa

Tsy mora ny andraikitra, fohy ny fotoana kanefa dia manome toky ny tenako fa hanao ny tratry ny heriko manontolo. Io no anisan'ny nambaran'ny Minisitra Andre Haja Resampa omaly tetsy Ambohijatovo, nandritra ny lanonana fifamindrampahefana teo anivon'ny Ministeran'ny Tanora sy Fanatanjahantena. « 10 volana no hiasako ato, tsy maintsy hapetraka ny laharam-pahamehana ary ny asa hotanterahina. Anisan'izany ny fikarakarana tsy misy tomika ny Lalaon'ny Nosy. Mijery antsika ny rehetra, indrindra ny aty amin'ny Oseana Indiana ». « Hotanterahina ny fanomanana sy fanampiana ny atleta amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena rehetra sy nasionaly. Tohizina ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa sy ny tetikasan'ny filoham-pirenena, ka horasiko an-tanana manokana ny fanatanterahana izany ». « Eo koa ireo fanavaozana ny sehatry ny fanatanjahantena, sy fitadiavana ireo mpiara-miombon'antoka, hahafahana miroso amin'ny sehatra matihanina ». « Tsy ataoko ambanin-javatra ny hoavin'ny tanorantsika. Ananako finoana fa hamiratra amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny fanatanjahantena sy ny tanora malagasy, rehefa miara-miasa isika ». « Manome toky ny federasiona rehetra ny tenako amin'ny fiaraha-miasa fa misokatra ny varavarana amin'ny fifampiresahana rehetra ». Nisaotra ny mpiara-miasa taminy tao amin'ny minisitera, ny federasiona, ny atleta ary ny mpanao gazety kosa ny minisitra teo aloha, Tinoka Roberto, izay nahatsapa fa tena nahafahana mampiray ny Malagasy rehetra ny fanatanjahantena. « Nisongadina ny asa sy vokatra nandritra izany ary tsy nitsanga-menatra taty amin'ny Kaontinanta afrikanina sy maneran-tany isika, miangavy ny mpiara-miasa rehetra hanolo-tanana ny minisitra vaovao ».

*Tohizina ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa sy ny tetikasan'ny filoham-pirenena, ka horasiko an-tanana manokana ny fanatanterahana izany.*

**Rabenaivo**


**MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE**

**Ofisy misahana ny fisorohana ny voina an-tsekoly (ONAPASCOMA)**

Anisan'ny mahatonga ny fialana andaharana an-tsekoly sy mampihena ny taham-pahafahana fanadinana ny tsy fahasalamana sy ny voina mety sedrain'ireo mpianatra. Ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, amin'ny alalan'ny Ofisy misahana ny fisorohana ny voina an-tsekoly (ONaPASCOMA) dia namolavola ny tetikasa « TSINJO FAHASALAMANA AN-TSEKOLY », hanampiana ireo ray aman-dreny amin'ny fampianarana ireo zanany. Tetikasa izay mifanandrify amin'ny velirano fahaefatra sy fahadimy ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA, dia ny fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana, sy ny fahasalamana ho an'ny rehetra izany. Raha tsiahivina dia ny taona 2021 no nanombohana ny famolavolana ity tetikasa ity. Tanjona amin'izany ny hametrahana tobim-pahasalamana an-tsekoly iray isaky ny fari-piadidiampampianarana manerana ny Nosy, izay miisa 114. Mba hahafahana manome tolotra tsara kalitao eny anivon'ireo tobim-pahasalamana an-tsekoly ireo dia hanampy ireo tompon'andraikitra amin'ny fitantanana ny raharaha rehetra ny fampiasana ny " logiciel SIG-ASCO". Ny fizaham-pahasalamana rehetra, ohatra, dia afaka atao ara-kajy mirindra amin'ny alalan'io fitaovana manara-penitra io. Entina hanatanterahana izany vina izany dia nandray mpitsabo mpanampy miisa 20 sy mpitsabo miisa 7 ny Ofisy nasionaly misahana ny fisorohana ny voina an-tsekoly eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Ho tanterahina ny 27 febroary ka hatramin'ny 2 martsa 2023 ho avy izao ny fampiofanana azy ireo, miaraka amin'ireo izay efa amperin'asa ho fanamafisana ny traikefa efa ananan'ny tsirairay avy. Afaka hisitraka izany tobim-pahasalamana an-tsekoly izany tsy ho ela ireo fari-piadidiam-pampianarana manerana ny faritra 23, araka ny asa vita ankehitriny. Mpianatra miisa 560 000 manerana ny Nosy, izay iantohan'ny ONaPASCOMA no hisitraka fitsaboana sy fikarakarana eny anivon'ireo tobim-pahasalamana ireo ka ny latsakemboka 200 ariary aloan'izy ireo tsirairay avy isan-taona no miantoka ny enti-manana amin'izany.






G CL 406/31-4

Vakodrazana - Rakoto Frah junior

# Hisantatra ny fiakarana an-tsehatra etsy amin'ny Ivokolo



**Hira fiarahabana noforonin-dRapa no hisantarana ny fampisehoana.**

Somary nangingina ny vakodrazana teo aloha teo vokatry ny areti-mifindra nahazo izao tontolo izao. Hiverina amin'ny tanjany indray izy ankehitriny ka ho santatr' izany, hisy ny fampisehoana goavana etsy amin'ny Ivokolo Analakely (Cemdlac teo aloha) ny alahady izao. Ny tarika Rakoto Frah junior sy Akon'ny Diary, tarika roa samy manana ny maha izy azy eo amin'ity zavakanto sy vakoka nentin-drazana ity, no hiray sehatra ny alahady amin'ny 3 ora tolakandro. Araka ny fandaminana dia ny tarika Rakoto Frah junior no hisantatra ny seho ary ilay hira vao noforonin-dRapa, zafikelin-dRakoto Frah, mitondra ny lohateny hoe « *Fiarahabana* » no hokaloin'izy ireo. Mampiavaka ny vakodrazana ny dihy mirindra ka haneho izany amin'ny fomba hafa mihitsy ny tarika Rakoto Frah junior. Nambaran-dRapa filohan'ny tarika fa saika ireo hira noforonon'i Dadakoto fony fahavelony miaraka dihy no hasehon'ireto zaza mpandimby amin'io alahady io, saingy nohatsaraina amin'ny zavamaneno manaraka ny toetrandro izany. « *Ho hita ao anatin'ireo hira ireo ny maha vakodrazana azy saingy nohavoazina ary hitoetra maharitra. Ny omaly sy ny ankehitriny ary ny ho avy no nandrafetana ny sanganasan' i Dadakoto* », hoy hatrany Rapa. Hoporofoin'izy ireo fa velona sy maharitra ny vakodrazana. Ity fampisehoana ity, raha ny fanazavana ihany, dia santatra entina mahatsiaro ny fodiamandrin-dRakoto Frah, izay efa 20 taona mahery ankehitriny.

Nomarihany fa haharitra ora roa latsaka 15 minitra ny fampisehoana. Ka isaky ny mahavita hira iray ny tarika iray dia soloin'ny tarika iray. Ny fampisehoana dia karakarain'ny Ofnac miaraka amin'ny Vovonan'ny Mpanao Vakodrazana Malagasy. Tanjona amin'izany, ny hampisongadinana ny kolontsaina sy ny kanto ary ny vakoka nentin-drazana.

**Tiaray R**

Universal music Africa

# Nanangana tetikasa hanampiana ny mpihira rehetra

Nanangana tetikasa iray entina manampy ny mpanakanto malagasy misehatra eo amin'ny tontolon'ny mozika ny Manoova, amin' ny alalan'ny sampana Renala Music sy ny Universal music Africa ary Virgin Music Africa. Tetikasa heverina fa hampiroborobo ny mozika sy ny mpihira malagasy rehetra mihitsy izy io, satria ny lohahevitra hoe: " ahoana ny fomba ahazoana vola amin'ny mozikanao" no itondràna izany. Araka izany dia hisy ny famelabelaran- kevitra hatao ary dia harahina fifanakalozana izany mba hahitana izay soritrasa arahina. Amin'ny zoma izao, etsy amin'ny lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina, amin'ny 6 ora hariva, moa no hampahafantarana izany amin'ny fomba ofisialy, ka dia asaina avokoa ny mpanakanto rehetra, na ireo efa manana ny lazany na izay vao misehatra ao anatin' ny mozika ho avy hanatrika izany. Eny amin'ny Mass'in Akorondrano moa no maka izany fanasana izany izay te hanatrika. Antenaina fa hamelona indray ny tsenan' ny mozika malagasy ny fisian' izao tetikasa izao, fa indrindra koa ny fahatongavan'ny Universal Music, izay namolavola izany. Ity farany mantsy dia miezaka hatrany mijery izay fomba entina manatsara ny mozika eto antoerana no sady mba mitondra izay anjara birikiny ho an'ireo mpanakanto malagasy tsy ankanavaka. Maro rahateo ireo mpihira eto amintsika no tena mivelona amin'ny mozika fa tsy manao izany ho fialam-boly fotsiny, ka izay no tena tanjona, ny mba hanosika azy ireny mba hivelarany bebe kokoa.

**Tanya.R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Indraindray ianao maniny sy manakivy tena hoe ianao no ory indrindra, kanefa ianao ilay be harena indrindra. Satria ianao dia manan-kavana afaka hitia ; mana-namana afaka manampy ; manana sakafo isan'andro sy trano hialofana. Koa aoka hisaotra lalandava, mba ho miramiran-tava."

**Ny Vetso (07. 07. 15)**

("If you have a family that loves you, a few good friends, food on your table and a roof over your head. You are richer than you think. ")

Havatsa-Upem

# Hiantsa tononkalo amin'ny teny malagasy isam-paritra, anio

Omaly 21 febroary no nankalazaina manerantany ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tenin-dreny. Anio, alarobia 22 febroary 2023 kosa no hanamarika izany ny Fikambanan'ny Poeta sy Mpanoratra malagasy (Havatsa-Upem). Antsa tononkalo amin'ny teny malagasy isam-paritra » no nomanin'izy ireo, izay ravahan'ny kalokalon'ny Tafasiry Kolokanto.

Eny amin'ny efitrano malalaky ny Amphi 10 ao amin'ny Fakoloten'ny Haisoratra sy ny Siansa momba ny Olombelona no hanatanterahana izany, anio manomboka amin'ny 2 ora folakandro. Mbola tsy miova aloha ity programa ity (hatramin'ny fotoana nanoratanay) na ao anatin'ny fidiran'ny rivodoza Freddy aza isika. Nambaran' ny tomponandraikitra fa « *Hatreto aloha dia tsy mbola nisy filazana fanapahan-kevitra hamoana (hanafoana) ity hetsika ity ho fankalazana ny Andro iraisampirenena ho an'ny tenin-drazana hatao (...) eny amin'ny oniversiten'Antananarivo.*

**Fy**


À VOUS
LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO
AMIN'NY TARIKA

mahaleo

Izy ireo no vahiny manaraka
amin'ity karazan-dahatsoratra
manaraka ity



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara



## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* MM Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, TV, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-17)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-8)

* Lamba, poketra, machine, kojakoja, bisikileta, vilany, cahier sns. M. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-6)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 478/5-4)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-4)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-4)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 473/7-7)

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 483/7-2)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-5)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-4)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-4)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.42.941.37. (G-BA 484/10-1)

Fenoarivobe

# Tratra taorian'ny fifampitifirana, telo lahy nitady mpividy taolam-paty

*Milanja 40 kilao eo ho eo ireo taolana sarona, ary taolan-dava avokoa.*

Olona nitady mpividy taolam-paty no voasambotra rehefa nihaodihaody tao amin'ny tanànan'ny kaominina Kiranomena, distrikan'i Fenoarivobe,omaly. Olona tsara sitrapo no nanome loharanom-baovao, ka rehefa narahina ireo olon-dratsy dia tra-tehaky ny zandary. Vokany, tratra teo am-pikirakirana ilay taolana ireo telo lahy, fa ny anankiray tafatsoaka izay voalaza fa mitady mpividy. Milanja 40 kilao eo ho eo ireo taolana sarona, ary taolan-dava avokoa. Mbola tsy fantatra ny mety ho tompon'ireo taolana ireo sy ny fasana nangalarana azy, fa araka ny fizahana natao dia nahitana karazan'ody ratsy maromaro tany amin'ireto olon-dratsy. Nisy mohara ihany koa, araka ny fanazavana voaray avy amin'ny mpitandro ny filaminana.

**Fanenjehana**

*« Efa nampandrenesina avokoa ny faritra manodidina mba samy hijery sy hanaramaso ny fasany. Marihina fa nisy ny fifampitifirana nandritra ny fanenjehana an'ilay olon-dratsy anankiray tafatsoaka ka bala miisa 37 no lanin'ny zandary. Efa voatifitra ihany ny sasany saingy mbola afaka nandositra na dia naratra aza »*, hoy ihany ny loharanom-baovao. Hatreto dia miroso ny fikarohana sy ny fanadihadiana ny tohin'ity raharaha ity. Misy ny fiaraha-miasa amin'ny fokonolona mba hifanome loharanom-baovao amin'ny zandarimariam-pirenena sy hifanome tanàna amin'ny fampiharana ny Tagnamaron' ny fandriam-pahalemana mba hahitana ireo olon-dratsy tafatsoaka ireo.

**Ariel D.**

Sakaraha

# Ady tany niafara tamin'ny vono olona, ny dadatoany no atidoha nikotrika

Nisehoan'ny vono olona tany amin'ny fokontany Antsokay, 10 kilometatra miala ny tanànan'i Sakaraha, ny alin'ny alahady lasa teo. Araka ny fantatra dia ady tany no nahatonga ny loza, ka lehilahy iray no nisy namono tamin'izany. Taorian'izay dia lehilahy iray, dadatoany ihany, no voasambotra ny ampitso marainan'io ary lehilahy iray hafa kosa no maty voatifitry ny polisy omaly. Vantany vao niseho ilay vono olona dia nandeha nampandre ny zava-nitranga tany amin'ny mpitandro filaminana tany an-toerana ny tompo-manjo. Nandray ny andraikiny avy hatrany ny polisy raha vao naheno izany ary niroso tamin'ny fanadihadiana mikasika ilay raharaha sy nikaroka ny nahavanon-doza. Nandritra ny fikarohana nataon'izy ireo no nahafantarana fa lasa nitsoaka any Toliara ny iray tamin'ireo nahavanon-doza. Tsy niandry ela fa nisy ny sakana nataon'ny polisin'ny Fip tany an-toerana ka io voasambotra ny alatsinainy maraina io tany Andaboly ny lehilahy iray 28 taona, izay dadatoan'ilay maty voalaza ho tompon'antoka tamin'ilay vono olona. Taorian'ny fisamborana azy, nentina tany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana izy ka nandritra izany no nanoroany ny namany iray hafa izay mpiray tsikombakomba taminy nanao izany heloka bevava izany. Nampiasa ny fitaovam-piadiana teny aminy ity farany ka voatery namaly tifitra ny polisy ary izao lavon'ny bala izao ralehilahy.

**T.H**

## Fantina

### Tsara sady mahasalama ny misotro rano mafana

*Tsara sady mahasalama ny misotro rano mafana. Olana ara-pahasalamana betsaka ihany koa no voasoroky ny fisotroana rano mafana. Mahakasika izany indray no atolotra ho anao ato amin'ny "Fantina" anio.*

**Fiantraikany eo amin'ny olana ara-pahasalamana:**
Fantaro fa araka ny fanadihadiana nataon'ny vondrona dokotera Japoney, dia mandaitra hatramin'ny 100% ho an'ireto olana ara-pahasalamana ireto ny fisotroana rano mafana ka ao anatin'izany ny aretin'andoha, ny fiakaran'ny tosidra, ny aretim-bavony, fiakaran'ny tahan'ny cholestérol, ny kohaka, ny havizanan'ny vatana be loatra, ny tsy fahazotoan-komana, raha olana amin'ny fadimbolana ho an'ny vehivavy.

**Fomba tsotsotra amin'ny fisotroana azy :**
Vao mifoha maraina iny ianao dia misotroa rano mafana manodidina ny 4 vera. Tsy mbola misy na inona na inona ny vavony amin'izany. Afaka 45 minitra aorian'izay vao tokony hisakafo na hihinan-javatra. Mety tena ho sarotra be ho anao na mety tsy ho vita mihitsy izany misotro rano inefatry ny vera izany amin'ny voalohany fa miezaha hatrany hatrany fa ho vitanao tsara izany.

- Raha aretim-bavony ohatra dia misotro rano mafana mandritra ny 10 andro.
- Tsy fahazotoan-komana: misotro rano mafana mandritra ny 10 andro.
- Raha aretin'andoha dia misotroa rano mafana mandritra ny 3 andro.
- Raha fiakaran'ny tosi-dra : misotro rano mafana mandritra ny 30 andro.

**Fanamarihana :** Tsy voatery hoe mandalo an'ireo olana ara-pahasalamana ireo anefa ianao vao hisotro rano mafana fa na dia salama tsara aza dia misotroa foanaa.

Jly Rakotoarijaona Josoa

# Miasa avy hatrany, miatrika ny rivodoza "Freddy"

Tao anatin'ny filaminana no niatrehana ny famindram-pitantanana teo amin'ny Jeneraly Richard Rakotonirina sy ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa, minisitry ny Fiarovam-pirenena vaovao, izay voatendry araka ny didim-panjakana laharana faha « 2023-165 » nanendry ireo mpikambana ao amin'ny governemanta. Taorian'ny fisafoana ireo andian-tafika nataon'ireo lehiben'ny foloalindahy ireto tetsy Ampahibe dia nisy ny fifanaovan-tsonia mariky ny famindram-pitantanana. Nanaraka an'izay ny fandraisana fitenenana nifandimbiasana. Ho an'ny minisitry ny Fiarovam-pirenena vaovao dia hiatrika asa avy hatrany ny tenany. Tsy maintsy atao laharam-pahamehana daholo ny zavatra



**Tao anatin'ny filaminana no niatrehana ny famindram-pitantanana.**

rehetra eto amin'ny firenena, hoy izy. Fa ny akaiky indrindra sady maika dia ny fiatrehana ny rivodoza « Freddy ». Nibahana nandritra ny tafa fohy nifanaovan'ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa (MDN) ny fametrahana ny tany tan-dalàna. Ao anatin' ny fotoanan'ny fifidianana isika izao, ka rehefa nanontaniana ny minisitry ny Fiarovam-pirenena vaovao dia mazava ny fitsipi-dalao, hoy izy, dia ny fanajana ny lalàna ihany. Tsy mivoana amin'ny politika ankapoben' ny fanjakana ny lalan-tsaina entiko araka ny toromarika avy amin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika amin' ny famerenana ny fandriam-pahalemana manerana ny Nosy, izay tombotson'ny vahoaka malagasy.

*" Tsy miady amin'olona ny mpitandro filaminana fa mampanara-dalàna ny rehetra ".*

**Raharaham-pirenena**

*« Tsy miady amin'olona ny mpitandro filaminana fa mampanara-dalàna ny rehetra. Efa misy ihany koa paik'ady hapetraka manoloana ny zava-misy mahakasika ny tsy fandriam-pahalemana sy ny fangalarana taova nalaza tato ho ato tany atsimon'ny Nosy »*, hoy ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa, minisitry ny Fiarovam-pirenena. Tsara homarihina fa ity « MDN » ity dia efa nitazona andraikitra maro teo anivon'ny Tafika. Ny taona 2004 ny tenany no komandin'ny « Bataillon *RECAMP* » ary komandin'ny « *Sekoly Miaramilam-pirenena* » (SEMIPI) Fianarantsoa, ny taona 2012. Efa Talen'ny « Ecole d'Etat-Major » Fiadanana ny taona 2016 ary nitazona ny andraikitra « *Directeur Général de la Planification Stratégique* » ny tenany nanomboka ny taona 2019 ka hatramin'izy voatendry ho minisitry ny Fiarovam-pirenena izao. Ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fiarovam-pirenena teo aloha kosa dia nisaotra manokana ny Filohan'ny Repoblika ny Jly Richard Rakotonirina tamin'ny fametrahana fitokisana taminy nandritra izay fe-potoana niasany izay. Nandritra ny 4 taona sy 9 volana ary 23 andro izy no nitantana ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena. Nametraka tantara ho an'ny firenena izy tamin' ny fametrahana ny fanitsiana ny rafitry ny tafika. Niatrika ireo raharaham-pirenena rehetra nandritra ity fitondrana ity, ka anisan'izany ny covid-19, ny famahana ny olana nianjady tamin'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ary hita fa havanana tamin'ny sehatra nametrahana azy ity farany.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme




## Sarisary zary tenany

*Manaiky*




## Hatsikana an-tsary

*Miova*




## Masoandro miposaka

**Eksodosy 20 : 20**

Dia hoy Mosesy tamin'ny olona: Aza matahotra; fa tonga Andriamanitra mba hizaha toetra anareo, ary mba ho eo anatrehan'ny tavanareo ny fahatahorana Azy, mba tsy hanotanareo.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ny tsongo tsy hita fery no tsy toha.**

Etre pincé sans qu'on en voie la marque (litt. blessure) est insupportable .

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2887

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | 1 | | | |
| | | 6 | 5 | | | 8 | | |
| | | 1 | | 2 | | | | 4 |
| | | | 8 | | | 9 | 7 | |
| | 7 | | | 4 | 9 | 5 | 8 | |
| | | | | | 2 | | | |
| | | | | | 8 | 2 | 9 | |
| | | | 1 | | | 6 | | |
| | 8 | 7 | | 6 | 3 | | | |

Valin'ny laharana 2886

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 8 | 4 | 6 | 1 | 3 | 5 | 7 | 2 |
| 5 | 7 | 6 | 4 | 2 | 8 | 3 | 9 | 1 |
| 2 | 3 | 1 | 9 | 5 | 7 | 6 | 4 | 8 |
| 1 | 5 | 7 | 8 | 9 | 4 | 2 | 3 | 6 |
| 4 | 9 | 8 | 2 | 3 | 6 | 7 | 1 | 5 |
| 3 | 6 | 2 | 5 | 7 | 1 | 9 | 8 | 4 |
| 8 | 4 | 9 | 7 | 6 | 5 | 1 | 2 | 3 |
| 6 | 2 | 3 | 1 | 4 | 9 | 8 | 5 | 7 |
| 7 | 1 | 5 | 3 | 8 | 2 | 4 | 6 | 9 |

Mihazakazaka ny toe-draharaham-pirenena

# Mihetsiketsika avokoa ny etamazaoro politika

*Hifaninana hamory olona ny TIM sy ny Miara-Manonja ary ny Vondrona Panorama amin'ity herinandro ity.*

Mifantoka amin'ny fanomanana ny fifidianana izay ho filoham-pirenena amin'ity taona ity avokoa ny mpanao politika eto Madagasikara. Hita ao anatin' izany fa samy manana ny paikady heveriny hisarihana ny olom-pirenena mba hifidy azy ireo. Efa eny an-kianja avokoa ireo mpanao politika mpilatsaka hofidiana sy mieritreritra ny ho kandida ao anatin'izany.

**Tim**

Nahazoam-baovao fa hifampiarahaba tratran'ny taona, eny amin'ny Magro Behoririka ireo mpanaradia ny antoko Tiako I Madagasikara ny zoma 24 janoary izao ary milaza ny hanatrika izany ny eo anivon'ny Rodoben'ny Mpanohitra. Araka ny fanentanana, dia tsy hijanona ho fety fifampiarahabana sy fambolen-kazo fotsiny ny hetsiky ny andaniny sy ny ankilany fa samy hisy fanambarana pôlitika mikasika ny raharaham-pirenena, indrindra ny fanomanana ny fifidianana amin'ity taona ity avokoa.

**Miara-Manonja**

Mifanindran-dalana amin'izany, izany hoe voalaza fa amin'io daty io ihany koa no hanao hetsika fambolen-kazo eny Ambohitrimanjaka ny ekipan'ny Miara-Manonja tarihin-dry depiote Hanitra Razafimanantsoa sy ry Fidèle Razara Pierre. Fambolen-kazo voalaza fa kasaina fa hamondronana ireo olom-pirenena sy mpanao politika rehetra manohitra ny fomba fitantanana ny firenena.

**Vondrona Panorama**

Rahampitso alakamisy kosa no hanatanteraka fivoriambe, eny Soarano ny mpanao pôlitika ao anatin'ny Vondrona Panorama. Itsy farany izay ahitana ny lohandohany amin'ireo mpitarika antoko pôlitika avy ao amin' ny HVM, MFM, TIM…Samy tsy mitovy fomba fijery amin'ny mpitondra ankehitriny.

**Mamy R.**

Hery Rajaonarimampianina

# Nihaona tamin'ny Filohan'ny FFKM Irako Andriamahazosoa, nandritra ny ora roa

Taorian'ny niverenan'ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina an-tanindrazana dia ny filohampiangonana no nofidiany nihaonana voalohany, ankoatra ny fianakaviany sy ny birao pôlitika HVM ary ny mpikatroka HVM. Heverina fa tsy mahagaga ny fanapahan-kevitra, noho ny Filoha teo aloha nametraka fa niverina an-tanindrazana ho raiamandreny sy hitandro fihavanana ary hanaja lalàna, sady vonona hihaino. Araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia tamin'ny alatsinainy lasa teo no fantatra fa nihaona tamin'ny filohan'ny FFKM, Irako Andriamahazosoa, teny amin'ny trano fiasan'ny birao foibe ny Filoha teo aloha. Fifampiresahana nandritra ny adim-pamataranandro roa izay voalaza fa sady tsy nisy olon-kafa nanatrika no tsy nisy nipika hatreto ny dinika. Taorian'izay, araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia nihazo ny birao misy ny masoivohon'i Torkia, eto amintsika, eny Andranomena ny filoha teo aloha, notronin'ny mpandrindra nasionalin'ny antoko HVM, Rivo Rakotovao, naneho fiombonam-po sy nampahery ny mpitondra sy ny vahoaka any Torkia izay maro no namoy ny ainy sy simba fananana taorian'ilay horohorontany indroa miantoana, nitranga tany an-toerana farany teo. Noresahina nandritra ny fihaonan'ny filoha teo aloha sy i Sem ?shak Ebrar Çubukçu ihany koa ny fifandraisana ara-diplômatika sy ekônômika eo amin'i Madagasikara sy i Torkia. Tsiahivina fa nanao fitsidihana ara-pomba ofisialy teto amintsika ny Filoha Turc Recep Tayyip Erdo?an, tamin'ny ny 24 janoary 2017.

**V.R.**

Olomboafidy sy olomboatendry ao Bongolava

# Mbola mihenjan-droa tanteraka ny tady !

Mikorontana ny toe-draharaha ao amin'ny faritra Bongolava. Mihenjan-droa tanteraka ny tady eo amin'ny olomboafidy sy olomboatendry ao an-toerana. Ny faran' ny heriandro teo dia nosakanan'ny prefektiora tamin'ny alalan'ny OMC ny hetsika saika hataon'ny mponina sy ny mpikatroka TGV nanoloana ny tranompokonolona Tsiroanomandidy. Tany amin'ny 4 km miala ny tanàna no nomen'ny prefektiora azy ireo ka nahafahany nanao hetsika sy namboly hazo. Mbola mitohy ny fitakian' ireo ben'ny tanàna, ary ny solombavambahoaka roa avy ao amin'ny faritra Bongolava, dia ny depiote Haja Ramaherijaona voafidy tao Tsiroanomandidy sy ny depiote Bien Aimé avy ao Fenoarivobe amin'ny fanalana ity governora ity. «*Misy tsindry avy amin'ny governoran'ny faritra no anton'izao* », hoy izy ireo. Nitaraina koa ireo ben'ny tanàna fa tsy misy asa fampandrosoana vita eo anivon'ny faritra. « *Ny mampisara-bazana ny mponina sy ny ben'ny tanàna no tena ataon'ny governora* », hoy izy ireo. Mangataka ny Filoham-pirenena ny vahoakan'i Bongolava mba haka fanapahan-kevitra haingana hanala ity olomboatendry ity.

**JUDD**

Mpikamban'ny governemanta vaovao

# Minisitra dimy no efa nahavita ny famindram-pahefana

Tsy niandriandry fa niroso avy hatrany tamin'ny famindram-pahefana ireo minisitra vao notendrena. Nisy dimy izy ireo no efa nahavita izany nanomboka omaly, ary ny telo hanatanteraka ny anjarany anio. Volana vitsivitsy tokoa no fotoana nomena azy ireo hahafahany manatanteraka ny andraikitra napetraky ny Filohan'ny Repoblika sy ny Praiminisitra tamin' izy ireo, ka ilaina ny fanafainganana ny raharaha. Isan'ny efa nahavita izany ny minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, ny minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo, ny minisitry ny Asam-panjakana sy ny Lalàna Sosialy, ary ny minisitry ny Raharaham-bahiny. Anio ihany koa no hiatrika ny Filankevitry ny minisitra voalohany ireto mpikamban'ny governemanta vaovao ireto. Amin'izany no hahalalany ireo dosie miandry sy ny toromarika rehetra tokony hotanterahiny.

**JUDD**

## Marina izany !

### Teraka ihany !

**Tontosa tamin'ny alatsinainy lasa teo ny fanovana, amin'ny ampahany ny mpikambana ao amin'ny governemanta. Teraka ihany ny governemanta heverina fa farany, rehefa nandrasana fotoana lavalava. Toy ny fanovana rehetra dia tsy hanome fahafaham-po ny sokajin'olona samihafa. Ho an'ny voakasika manokana dia nisy ny nilaza ho tsy nanam-po hoesoriny tamin'ny toerany, saingy tsy afa-nanoatra rehefa namoaka didy ny mpanao sonia. Nisy ny heverina fa efa tsara toerana tany ivelany tany na koa tamin'ny andraikitra nosahaniny, nefa tsy maintsy nanaiky ny fandaminana. Nisy ny efa nanambana ny hametra-pialana noho ny antony samihafa ary efa fantatra fa tsy maintsy ho fanesorana no hiafarany. Fanovana ahatarafana ny ezaka hamerenana indray ny namana mpiara-mitolona. Ahatarafana ihany koa kajikajy pôlitika ametrahana ny olona azo itokisana sy ianteherana ary indrindra azo fehezina, mizotra mankany amin'ny fanomanana ny tsotsori-mamba isarahana rehefa tsy maintsy ho avy izay fotoana izay. Ny fanontaniana mipetraka anefa manoloana izany dia ny hoe: Hahavaha olana ve? Itsy farany izay iarahan'ny olom-pirenena mahita sy miaina fa mivangongo ary ahazoan'ny mpitondra, amin'ny ankapobeny hatrany tsikera na avy amin'ny mpanohitra ny fanjakana, na avy amin'ny mpiaramiombona antoka amintsika avy any ivelany. Ny fotoana ahafahan'ireo mpikambana vaovao miasa sy ny hoeti-manana ihany koa efa somary ambivitra, noho ny ankamaroa'izy ireo heverina fa tsy maintsy mbola handany fotoana hanova ekipa. Ankoatra izay, mbola fanontaniana manitikitika ny saina ihany koa ny hoe: aiza no hametrahana ireo nesorina tamin'ny andraikiny, mba tsy sanatria hanao volo manoha randrana ?**

**Voahangy Rakotozafy**

Minisitra Rivotiana Jean Bosco

# Hanadio ny fifaninanana hidirana ho mpiasam-panjakana

Tontosa omaly tetsy amin'ny biraon'ny minisiteran'ny Asa sy ny Fampanana asa ary ny Lalana Sosialy ny famindram-pahefana teo amin'ny minisitra teo aloha Rtoa Gisèle Ranampy sy ny minisitra vaovao, Atoa Rivotiana Jean Bosco. Vaindohan-draharahan'ny minisitra vaovao amin'izao fandraisany fahefana izao ny fanohizana ny ezaka tsara efa natomboky ny minisitra teo aloha. Ao anatin'izany ny fametrahana ny rantsamangaika rehetra isaky ny renivohiparitany, ny fanadiovana ny fifaninanana hiditra ho mpiasampanjakana, ny fandefasana ireo lalàna tokony handalo eny anivon'ny Antenimierampirenena. Ao anatin'ny laharampahamehana ihany koa ny hampifandray ny vahoaka sy ny mpiasam-panjakana, satria *"tokony hanompo ny vahoaka ny minisitera"*, hoy ny minisitra Jean Bosco. Mikasika ny resaka karama farany ambany, dia nanambara ny minisitra fa hiezaka amin'izay eo am-pelatanana sy ny fifampiresahana amin'ny sehatra rehetra izy ireo.

**Niry R.**


**HASIN'I GASIKARA**

**Fampianarana KABARY**

Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.

Toerana : - ABC School 67 Ha

- Ecole Primaire Rasalama

Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23

G-CL 433/12-4



**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Rivodoza

# Miditra i Freddy ary manaraka azy ao koa i Elena

*Amin'ny 6 ora hariva any ny distrikan'i Mananjary no hahazo ny rivotra mafy indrindra satria hanomboka hiditra an-tanety ao izy.*

Raha mbola ny rivodoza Freddy no mibahana ao antsain'ny mpanara-baovao rehetra dia efa hita amin'ny sary navoakan'ny Météo koa ny rivodoza Elena izay efa aorian'ny Freddy omaly hariva. Nanomboka nipaka tsikelikely ny morontsirak'i Madagasikara ny rivodoza Freddy omaly tamin'ny 6 ora hariva. Mbola rivodoza matanjaka (Cyclone Tropical) miaraka amin'ny rivotra 150 km/ ora sy tafiotra 210 km/ora izy ary mikisaka miakandrefana ary mahafaka 23 km/h. Vinavinaina manomboka amin'ny 6 ora hariva any dia hahazo ny rivotra mafy indrindra ny distrikan'i Mananjary satria hanomboka hiditra an-tanety ao izy. Omaly alina teo no vinavinaina hanavatsava ny faritra Vatovavy sy Fitovinany. Anio alarobia kosa izy dia vinavinaina hamakivaky ny faritra Matsiatra Ambony alohan'ny hivoahany an-dranomasina ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana, eo anelanelan'i Morombe sy Toliara. Mankahery ireo namana efa miatrika tanteraka ny rivodoza ny Gazetiko. Niova ho toy izao ny filazana Loza: Miloko Mena na loza mitatao: ny Faritra Vatovavy, Fitovinany, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Ihorombe sy ny distrikan'i Vatomandry, Mahanoro, Antanambao Manampotsy ary Marolambo. Miloko Mavo na loza manambana: ny Faritra Atsimo Atsinanana, Vakinankaratra sy ny distrikan'Anosibe Anala, Brickaville, Toamasina I-II, Mahabo, Manja, Morondava, Beroroha, Ankazoabo, Sakaraha, Morombe ary Toliara I-II. Miloko Maitso na loza fanairana: ny Faritra Analamanga, Itasy sy ny distrikan'i Moramanga, Miandrivazo ary Belon'i Tsiribihina. Araho hatrany ny vaovao ofisialy avoakan'ny pejy Foibe Famantarana ny toetry ny andro eto Madagasikara. Raha ny vaovao farany voarainay dia niala ny tafon'ny Epp manara-penitra iray any Mananjary.

**Heriniaina A.**

Minisitra Solo Andriamanampisoa

# Niasa avy hatrany fa tsy niandry famindram-pitantanana

Iray amin'ireo mpikambana valo vaovao nantsoina handrafitra ny governemanta vaovao ny minisitr4y ny angovo sy ny akoranafo, Solo Andriamanampisoa. Taorian'ny fanendrena azy afak'omaly, dia tsy niandry ela ny tenany fa tonga dia niasa avy hatrany. Tokony ho omaly tamin'ny 1 ora tolak'andro no nanaovana ny famindram-pitantanana, teny Ampandrinomby, saingy teo amin'ny manodidina ny tamin'ny 3 ora tolak'andro vao nigadona teny an-toerana ny tenany. Nambarany fa mbola nanatrika fivoriana niaraka tamin'ireo mpiara-miombona antoka teny amin'ny lapam-panjakana Ivoloha ny tenany, ka anisan'ny nahatara ny fahatongavany. Vita soamantsara ihany anefa ny famindram-pitantanana teo aminy sy ny minisitra teo aloha, Andry Ramaroson. Tsy zoviana intsony ny fifandraisana nisy teo amin'ireto tomponandraikitra ambony ireto amin'ny maha filohan'ny filankevi-pitantanan'ny JIRAMA an'ity minisitra vaovao ity. Mitana ny toeran'ny tale jeneraly eo anivon'ny SPM (State Procurement of Madagascar) koa ity minisitra vaovao ity. Ny fanontaniana manitikitika ny sain'ny maro dia hoe : hitazona sa hiala amin'ireo andraikitra hafa efa nosahaniny ity minisitra vaovao ity ?



**Lanonana nandritra ny fifamindram-pitantanana teny Ampandrianomby. (Sary nindramina)**

**Mihazakazaka**

Nametraka fanamby mazava amin'ny fanatanterahana ny vinan'ny fanjakana hoentina manome hazavana ho an'ny daholobe ny minisitra Solo Andriamanampisoa. Nambarany fa hapetraka alohan'ny volana aogositra amin'ity taona ity ireo tobimpamokarana herinaratra 36 mandeha amin'ny herin'ny masoandro. Tokantrano eo amin'ny 170 000 no vinavinaina hisitraka ny tolotra "Branchement mora", na fampidirana jiro amin'ny sarany mirary ho an'ny tokantrano marefo, koa ny 100 000 amin'ireo no enjehina amin'ity taona ity. Hisy jiro mandeha amin'ny herin' ny masoandro eo amin'ny 1 tapitrisa koa hozaraina manerana ny Nosy. Amin'ny fanatanterahana ny tetikasa "Hazavao ny elakelantrano", dia hisy ny fiarahamiasan'ny minisitera sy ny JIRAMA miaraka amin'ny kaominina sy olon-tsotra mba hahafahana mametraka jiro anaty elakelantrano sy ho fisorohana ny tsy fandriam-pahalemana. Ho fanarenana ny JIRAMA dia nambaran'ny minisitra fa hirosoana ny fandraisana mpiasa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Nilaza moa ny tenany fa misokatra amin'ny olona rehetra vonona hitondra fampandrosoana ny varavaran'ny minisitera tantaniny.

**R. Muray**

Fampianarana ambony

# Voarara ny manao hetsika mety hiteraka fifandrafiana

Taorian'ireny savorovoro nitranga tao amin'ny oniversiten'i Mahajanga ka nahamaizana tranon'ny mpianatra, dia nandray fepetra hentitra ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy fikarohana siantifika. Voarara manomboka izao ny fanaovana hetsika rehetra fanaon'ny mpianatra tranainy handraisana ny mpianatra vaovao, na bizoutage. Tsy azo atao ihany koa ny karazam-pifaninanana rehetra, na arakoltoraly izany na ara-panatanjahantena, ka mety hiteraka fifandrafiana eo amin'ny samy mpianatra sy samy hafa fiaviana, na ihany koa fifaninana amin'ny alalan'ny dihy na hetsika manindrahindra ny isam-paritra sy fiaviana. Natao izany fanambarana izany mba hisorohana izay olana mety mitranga aoriana na mandritra ny karazan-ketsika mahazatra ny maro eny anivon'ny oniversite mba tsy hifandranitra na hitarika olana eo amin'ny samihafa fiaviana. Azo atao kosa anefa ny hetsika itambaran'ny rehetra ka tsy mivoy firazanana na fiaviana na foko, na koa fampisehoana kolontsaina maha-malagasy. Ny hetsika ara-tsosialy sy kolontsaina ary ara-panatanjahantena rehetra dia azon'ny fikambanan'ny mpianatra atao, fa tsy maintsy mahazo alalana mialoha avy amin'ny filohan'ny oniversite na tale jeneralin'ny IST kosa vao azo tanterahina, ary fikambanana isan-tsampampianarana no manao izany. Sarotra tokoa mantsy ny manarina ny fahavoazana noho ny hetraketraka, kanefa dia mpianatra amin'ny ambaratonga ambony eritreretina ho avin'ny firenena no resaka.

**Nath**

Mananjary - Rivodoza Freddy

# Nanomboka nihamafy ny rivotra tamin'ny 5 ora hariva

Efa niomana nialoha avokoa ny morontsiraka rehetra niatrehana ny rivodoza Freddy omaly. Manomboka tao Toamasina hatrany Manakara hatrany Vangaindrano raha ny ilany atsinanan'ny nosy iny, ary efa nametraka ny fiarovana ny olona koa ny tao Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Ihorombe sy ny distrikan' Anosibe Anala, Brickaville izay tao anatin'ny loko mavo. *''Nanomboka nihamafy ny rivotra tao Mananjary omaly tamin'ny 5 ora sy 10' hariva iny. Tamin'ny 6 ora hariva hatramin'ny 8 ora alina no heverina fa niditra an-tanety ao Mananjary ny foiben'ny rivodoza Freddy''*, hoy ny solontenan'ny mponina taminay. Raha ny fantatra dia misy ivontoerana 13 natao handraisana an'ireo olona maniry ny hialoka amin'ny toerana azo antoka ny any Mananjary. Isan'izany ny EPP ao Antanambao sy ireo Epp hafa. Toy izany ihany koa ny any Vohipeno sy Manakara ary Farafangana iny. Raha ny an'ny RN2 Tomasina mankaty Antananarivo indray dia efa tsy nisy taksibrosy niainga intsony omaly tolakandro nisorohana ny loza amin'ireo mpandeha, fa ny maraina ihany no nisy ny fiaingana niakatra aty Antananarivo renivohitra. Mijanona avokoa ny fitaterana olona an-tanety ho any amin'ny fitaterana olona sy entana ho an'ny faritra rehetra handalovan'ny rivodoza. Mijanona eo Antsirabe avokoa nanomboka tamin'ny 7 ora hariva omaly ny fitaterana mianatsimo rehetra. Natao izany rehetra izany hiarovana ny ain'ny mpandeha rehetra mandra-pivoakan'ny rivodoza.

**Heriniaina A.**

MEN-ONaPASCOMA

# Mandeha ny tetikasa "tsinjo fahasalamana an-tsekoly"

Efa nanomboka tamin'ny taona 2021 no mandeha ny fanatanterahana ny tetikasa ''tsinjo fahasalamana antsekoly'' noho ny fahatsapan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena ny fahasahiranan'ny ray amandreny eo amin'ny fampianarana ny zanany. *''Ny ONaPASCOMA no miandraikitra an'izany ary hahafahana manome tolotra tsara kalitao eny anivon'ireo tobim-pahasalamana antsekoly sy hanampy an'ireo tomponandraikitra amin'ny fitantanana ny raharaha rehetra ny fampiasana ny logiciel SIG-ASCO. Ny fizahampahasalamana rehetra ohatra dia azo atao ara-kajy mirindra amin'ny alalan'io fitaovana manara-penitra io. Hisy tobim-pahasalamana an-tsekoly, na « infirmerie » iray isaky ny fari-piadidiampampianarana kasaina hajoro hatramin'ny faran'ity taona 2023 ity ka hitotaly 114 izany araka ny vina''*, hoy ny Dr Razafindralaivola Pedersen, mpitsabo eo anivon'ny ONaPASCOMA teny amin'ny MEN omaly.

**Mpianatra 560 000**

*''Ho fanantanterahana ny vina dia efa nandray mpitsabo mpanampy vaovao 20 ny ONaPASCOMA. Efa misy ny tobim-pahasalamana an-tsekoly vitsivitsy izay efa manana mpitsabo mpanampy niandraikitra azy hatramin'izay. Noho izany dia homena fiofanna izy rehetra ireo, na ny amperin' asa na ny vao horaisina ho mpiasam-panjakana, mba hahafahan'izy ireo manatontosa ara-dalàna ny iraka ampanaovina azy. Ny 27 febroary hatramin'ny 02 martsa 2023 ho avy izao no hiantsoana ny hanaovan'izy ireo atrikasa''*, hoy kosa Rtoa Ismaël Mbotima Sophie, tale'ny ONaPASCOMA. Miisa 560 000 eo izao ireo mpianatra iantohan'ity farany ary araka ny dingana vita dia ho tanteraka tsy ho ela ny any amin'ny fari-piadidiam-pampianarana 23, renivohitry ny faritra, ny tetikasa ''tsinjo fahasalamana an-tsekoly''. Latsakemboka 200 Ariary aloan' ny mpianatra tsirairay isantaona no miantoka ny hoentimanana amin'izany. Ny tetikasa dia mifanandrify amin'ny velirano fahefatry ny Filoham-pirenena hoe'' fanabeazana ho an'ny rehetra '' sy ny velirano fahadimy : fahasalamana ho an'ny rehetra sy ho an'ny sokajin' olona rehetra''.

**Heriniaina A.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 950 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Lasopy legioma ao an-trano

***Zavatra ilaina :*** karoty 4, korzety 1, ovy 2, céleri 1, voatabia 1, tongolo be 2, ranona jumbo, sira sy dipoavatra, paty, mofo notetehina madinika dia nendasina tamin'ny dibera.

Voasy ireo legioma rehetra ary etsy an-kilny ampangotrahy ny paty ka ampandalovy rano mangatsiaka rehefa vita. Diovy tsara ny céleri. Torak'izay koa ny voatabia izay tetehina madinika. Voasy sy teteho koa ny tongolo be. Andrahoy miaraka ireo legioma rehetra ireo. Rehefa mangotraka dia akambana amin'ny paty ka azonao potserina miaraka na tsia. Aza hadinoina ny sira sy dipoavatra. Arosoy mafana sady mety tsara amin'izao mangatsiaka izay ka hanina miaraka amin'ireo mofo nendasina na " croutons ".